# Ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra dia samy ilaina ny vehivavy sy ny lehilahy

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

Misafidiana anankiray amin'ireto rafi-tantara manaraka ireto, ary eritrereto ny fomba ahafahan'ny fampiharana ireo fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy manampy olona mba hahatakatra ny fahamarinana izay hita ao amin'ny 1 Korintiana 11:11 momba ny anjara asan'ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra.

1. I Elle zandrin'i Kalee dia nahare ankizilahy sasany tany an-tsekoly nilaza fa ny lehilahy dia manan-danja kokoa noho ny vehivavy. Nanontany an'i Kalee i Elle hoe: "Moa ve aho tsy manan-danja mitovy amin'ny ankizilahy ihany?"
2. Sahiran-tsaina i Reid satria nandre ny sasany tamin'ireo mpikambana namany ao amin'ny kôlejy izay niresaka zavatra mifono fanambaniana ny vehivavy.
3. Rehefa avy nijery sarimihetsika malaza anankiray ny vondrona mpinamana iray, dia naneso ireo fihetsika mahamenatra nolalaovin'ilay raim-pianakaviana. Maro tamin'izy ireo no niombon-kevitra fa tsy nilaina akory ilay raim-pianakaviana, ary nilaza ny namana anankiray hoe, "Izany no antony tsy ilanao lehilahy mba hanorina fianakaviana iray sambatra."
4. I Esteban sy i Clara dia niomana ny hivady any amin'ny tempoly. Mandroso hevitra ny mba hiresahan'ny tsirairay amin'izy ireo ny fomba hanatanterahany ireo anjara asa sy andraikitra samihafa ao amin'ny ankohonany amin'ny ho avy ny ray aman-drenin'izy ireo.

## Manao asa amim-pinoana

- Inona avy ireo fomba ahafahanao na ny olona ao amin'ny rafi-tantara manao asa amim-pinoana mba hiatrehana ilay olana izay nipetraka?
- Nahoana no afaka manampy anao hanaraka an'i Jesoa Kristy ny fanomezana lanja ny anjara asa miavaka sy manan-danja ananan'ny vehivavy sy ny lehilahy?

## Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

- Inona ny zavatra fantatrao momba ny Ray any an-danitra sy ny drafiny izay afaka manampy raha sendra toe-javatra anankiray toy ity ianao?
- Inona avy ireo anjara asa sasantsasany an'ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra?

## Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana izay nofidin' Andriamanitra

- Ahoana ny fomba ahafahan'ny fahatakaranao sy ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo fahamarinana izay ampianarina ao amin'ny 1 Korintiana 11:11 manampy anao hiatrika ity toe-javatra ity?
- Inona avy ireo fampianarana hafa tena tsara avy amin'ny soratra masina na avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ka afaka manampy anao hiatrika amim-pahatokiana?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *In Heavenly Father's Plan, Both Women and Men Are Essential.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.